## ANKAZOBE - RAHARAHA FAKANA AN-KERINY 4

# MPITANDRO FILAMINANA 9, SIVILY 5 ARY OLOM-BOAFIDY 2 NOSAMBORINA


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7751 Taona faha-25 **Vidiny : 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 21 desambra 2023


## RAHARAHAM-PIRENENA 7

# SARO-PITERAHANA NY GOVERNEMANTA VAOVAO !



## MARINA IZANY ! 7

**NISARAKA MANGINGINA !**

## VONDRONA WM ANKORONDRANO ATSINANANA 8



**NIZARA FANOMEZANA NOELY HO AN'IREO ANKIZY SAHIRANA**

## NJAKATIANA, TEMPO GAIGY, D-LAIN 2



**HIFAMPITADY AMIN'NY MPANKAFY ANY TOA-MASINA RAHAMPITSO**

## FIATREHANA NY FETY 8

**ARAHI-MASO AKAIKY IREO MPIVAROTRA SAKAFO**







Njakatiana, Tempo Gaigy, D-Lain

# Hifampitady amin'ny mpankafy any Toamasina rahampitso

*Na atao hoe samy manana ny sokajin-taona sy mpankafy azy hatramin'izay aza ireo tarika ireo, dia somary mitovitovy ihany ny karazan'olona mankafy azy.*





**Safidy manadala ny an'ireo mpialavoly any Toamasina.**

Ambohipihaonan'ireo mpanakanto sangany any an-drenivohitr'i Betsimisaraka amin'ny faran' ny herinandro izao. Izany hoe ao anatin'ny fialambolin' ny zoma manifika ny marina kokoa. Ho sahiran-tsaina ihany araka izany ireo mpanao vakansy sy ny mponina ao an-drenivohitr'i Toamasina satria tratran'ny safidy manadala. Tarika telo samy manana ny maha izy azy ary andrasan'ireo sokajin'olona mankafy « cabaret » sy tia mivoaka amin'ny alina avokoa no tonga any an-toerana. Na atao hoe samy manana ny sokajin-taona sahaza sy mpankafy azy aza izy ireo. Tsapa fa saika mitovitovy filàna ara-mozika avokoa nefa ny mpankafy azy ireo. Izay ahitana an'i Njakatiana, nalaza nanomboka tany amin'ny faraparan' ny taona 80 tany ho any, fa mbola manana ny mankafy azy hatramin'izao. Ny faharoa, ry Tempo Gaigy, artista nanomboka niaka-daza tany amin'ny fiandohan'ny taona 2000 fa efa mahamanina ireo tanora niaina tamin'izany fotoana izany hatramin'izao. Ary farany, i D-Lain, izay mpanakanto tanora nalaza tato anatin'ny 7 taona teo ho eo.

**Toerana 3 samihafa**

Mazava ho azy, fa « cabaret » goavana avokoa ny hanjaka any an-toerana, amin'ny toerana 3 samihafa. Ry Tempo Gaigy hampanembonembona ny fahiny ao amin'ny efitrano malalaky ny Resto Club Toamasina ny zoma 22 desambra 2023. Ry Njakatiana kosa, ny alin'io zoma io ihany, fa ao amin'ny Espace Stella Maris indray no hanafana lanonana. Ary farany, i D-Lain, hankalaza tsingerin-taona nahaterahana ao amin'ny New York Toamasina.

Koa afaka manamboatra ny programany dieny izao ireo mpialavoly any an-toerana, izay hanala azy anatin'ny zoma manifika.

**Fy**

HOTSAKOTSAKOINA

"Ny antoky ny fahasambarako dia miainga avy amin'ny tanako, izay singa iaingan'ny fahombiazako. Mampy saina tia mikaroka sy vonona handanjalanja dia tafita foana hatrany raha mbola eto an-tany."

Ny Vetso (08.06.16)

Andriamanoro Tahiry

# Miketrika ny rakitsariny voalohany



**I Tahiry.**

Eo am-piketrehana rakitsary voalohany amin'izao i Tahiry Andriamanoro. Vokatra izay ahitàna gadona maro samihafa izy io sady niarahana niasa tamin'ny mpanakanto maromaro ihany koa. Raha tsiahivina, mpanakanto iray izay fantatra indrindra eo amin'ny tontolon'ny jazz sy amin'ny maha "batteur" azy i Tahiry Andriamanoro. Nanomboka ny taona 2010 izy no efa nisehatra teo amin'ny tontolon'ny mozika, nandray anjara tamin'ny Festival Madajazzcar no nahitàna azy voalohany. Taty aoriana kosa izy nanomboka nivelatra tamin'ny gadona hafa ary tsy nijanona ho "batteur" intsony fotsiny fa lasa nihira sy namorona hira mihitsy. Ankehitriny,miketrika ity vokatra voalohany ity izy ary dia ho ampahafantariny amin'ny pejy fesibokiny ao ihany izany rehefa mivoaka. Mialoha ny hivoahan'izay vokatra izay anefa dia miezaka ihany koa izy ny hamoaka tsikelikely ireo hirany ka ampahafantatra izany amin'ny mpankafy. Raha ny resaka izay natao taminy dia efa maro ireo sangan'asany amin'izao fa mbola alamina tsikelikely ny famoahana azy. Ho azy manokana moa,dia izay zavatra iainan'ny olona sy hitany eny amin'ny fiarahamonina no tena tantaraina anaty mozika ka dia ahitàna izany avokoa ireo hirany. Ankoatra izay dia tsara ny manamarika fa anisany efa mpanafana kabare sy ireny karazana fety ireny ihany koa izy. Mihira an'ireny karazana hira vahiny ireny izy matetika rehefa manafana kabare. Maro ny olona efa mahalala ny talentany ka miantso azy. Talenta moa ny azy ny fihirana satria dia lehibe tao anatin'ny fianakaviana tia mozika izy ka mora taminy ny nandray izany. Amin'ity vokatra vaovao ity dia mampanantena ny rehetra sahady ny tenany fa hanome zavatra iray tsara sy miavaka. Misokatra ho an'ny rehetra kosa ny pejy fesibokiny raha misy ny fiarahamiasa.

**Tanya.R**

Tily eto Madagasikara - 100 taona

# Hanomboka amin'ny 27 janoary 2024 ny fankalazana



**Fanabeazana ho an'ny rehetra no tanjon'ny Tily Eto Madagasikara.**

Anisan'ny fikambanana naharitra ary tsy ravan'ny olana nandalo teto amin'ny Firenena ny Tily eto Madagasikara. Mankalaza ny faha-100 taonany izy ankehitriny ary efa hatramin'ny ela no nanomanana azy. Ny fananganana ny Komity mpanomana ny faha-100 taona nasionaly sy manerana ny faritany tily no natsangana. Efa nijoro ity komity ity ary izy ireo no nanolotra ny fandaharampotoana hiatrehana izany andro manan-tantara izany mba hiomanan'ny rehetra.

*Samy hankalaza izany daholo ny Faritany Tily 30 eto Madagasikara sy any faritany tily Frantsa. Fa eto Antananarivo kosa ny fankalazana nasionaly ka ao amin'ny Lapan'ny kolontsaina sy ny fanatanjahantena etsy Mahamasina no tapaka fa hanaovana ity hetsika ity.*

Araka ny tapaka ary dia hanomboka amin'ny 27 janoary 2024 ny fanombohana ny fankalazana amin'ny fomba ofisialy. Samy hankalaza izany daholo ny Faritany Tily 30 eto Madagasikara sy any faritany tily Frantsa. Fa eto Antananarivo kosa ny fankalazana nasionaly. Ao amin'ny lapan'ny kolontsaina sy ny fanatanjahantena etsy Mahamasina no tapaka fa hanaovana ity hetsika ity. Fotoam-piavahana lehibe hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra no hisantarana ny fotoana amin'io 27 Janoary io fa ankoatra izay dia maro ny hetsika ataon'ny mpikambana rehetra toy ny fampiratiana ny tantaran'ny TEM. Aorian'izay moa vao ho tanterahana ny Frantsa ao Paris ny fihaonambe arahina ady hevitra handraisan'ny firenena misy fanabeazana Skoto anjara. Mandritra izany no hanoritsoritana ny fandrafetana ny Skotisma sy ny Tily eto Madagasikara. Ao anatin'ny fankalazana ny herinandron'ny Tily moa no hanatanterahana izany.

**Famaranana**

Ny 20 desambra 2024 ny famaranana ny jobily faha-100 taona ny fikambanana fa mialoha izany aloha dia hiatrika ny lasin-jaobily lehibe izay hatao any Fihaonana any Andranobe disitrikan Ankazobe ny 1 ka hatramlin'ny 5 aogositra. Eo ihany koa ny fitokanana tsangam-batao hita maso faha-100 taona izay hanorenena ny foibem-pikambanana hanomanana ny 100 taona manaraka indray. Teny faneva nentina manamarika ny fankalazana ny Jobily faha-100 taona moa ny hoe « Mandehana amin'izao herinao izao… ka tanteraho ny fanompoanao ». izay mifono hevitra telo dia ny hoe Marina, Matanjaka ary mipaka. Marina amin'ny fijoroana vavolombelona, matanjaka araka isa, arapotokevitra ary sehatra fanabeazana ny tanora malagasy amin'ny hoavin'ity firenena ity mba hipaka eny anivon'ny fiarahamonina fa tsy ho antsika irery ihany. Ho an'ny tsirairay satria fanabeazana ho an'ny rehetra no tanjona Fanabeazana ny tanora no ataontsika.

Tiana ny manamarina fa omaly 20 desambra no feno 99 taona ny Tily Eto Madagasikara ary nisy ny hetsika nanamarihana izany teny amin'ny FJKM Andohalo.

**Tiaray R**

Antoko mpihira Koraita

# Hanolotra seho ao amin'ny Santilo Anosizato



Toa ny isan-taona, dia mikarakara hetsika entina hampifaliana ny olona sady mba hanamarihana ny fetin'ny noely ny ao amin'ny Santilo Anosizato. Manasa mpanakanto hatrany izy ireo ao anatin'izany ka ho amin'ity taona ity dia ny antoko mpihira Koraita indray no nasaina hanafana ny sehatra ao. Amin'ny sabotsy izao, manomboka amin'ny 6 ora hariva ny fotoana amin'io. Mpanakanto ara-pilazantsara moa ny Koraita ka izay indrindra no nisafidianana azy ireo indray mba tena hampiaina izany fety krismasy izany amin'ny olona rehetra. Manana karazana hira mihetsiketsika sy mila-mina izay mifanaraka amin' izany indrindra koa izy ireo ka azo antoka fa tena hianoka izany hoe krismasy izany ny tsirairay. Fa ankoatra izay dia antoko mpihira iray izay anisan'ny be mpankafy izy ireo,maro amin'ireo mpankafy no tsy mba afaka nanatrika ireo seho izay nataon' izy ireo nandritra ity taona ity ka dia ity izany no fotoana ahafahana mahita azy ireo. Maimaimpoana rahateo ity seho ity ka dia afaka tonga manatrika izany avokoa ny rehetra.

**Tanya.R**

midigazetikom@gmail.com

Atleta sangany fahiny

# Mbola milalao basket sy volley Ralainasolo

Anisan'ny atleta sangany ary tena namiratra teto Madagasikara sy tany ivelany Ralainasolo. Mbola mipetraka ny lazany sy ny zava-bitany taona maro aty aoriana. Miaramila misotro ronono moa ny tenany, izay mipetraka any amin'ny kaominina Andilanatoby Ambatondrazaka. Tsy sakana ho azy ny taona sy ny fahalebiazana, mbola milalao basket sy volley ny tenany, tafiditra anatin'ny fitaizam-batana. Tamin'ny 11 jona 1947 tao Ambatondrazaka no teraka izy, izay anisan'ireo mpikambana ao anatin'ny fikambanan'ireo atleta tranainy. Maro ary tena nirarakopana ny anaramboninahitra efa azony, toy ny nandrombahany ny tompondaka teo amin'ny « Ossum Ambatondrazaka » tamin'ny



1964 hatramin'ny 1967, teo amin'ny 100m / longueur / hauteur / triple- saut. Tompondaka lefitra ny Ossum Toamasina tamin'ny taona 1964 hatramin'ny 1967 teo amin'ny 100m /longueur/ triple saut. Ny taona 1973 dia tompondakan'i Madagasikara teo amin'ny 100m/ 200m/ 4X100m ny tenany. Manana ny zava-bita tsara indrindra teto Madagasikara ho an'ny fifaninanana 4X100m, izay azony nandritra ny Lalao Olympika, tany Alemana ny taona 1972 hatramin'ny 2001. Nandray anjara tamin'ny andiany faharoa ny Lalao Afrikanina natao tany Lagos Nizeria tamin'ny taona 1973. Noho ireo vokatra maro azony, rariny loatra raha nahazo fankasitrahana hatrany tamin'ny fitondrampanjakana nifandimby ny tenany, amin'ny alalan'ny fanomezana mariboninahimpirenena. Efa nahazo ny «Chevalier de l'ordre de Mérite Sportif» izy, « Chevalier de l'ordre de Mérite Madagascar », « Chevalier de l'ordre National Malagasy », « Commandeur de l'ordre National Malagasy », « Grand officier de l'ordre National Malagasy ».

**Rabenaivo**

AJESAIA - " Tournoi National 2023 "

# Mahatratra 38 ny ekipa mandray anjara amin'ny fifaninanana andiany faha-24

Ambohipihaonan'ny mpankafy baolina kitra ny kianja manarapenitr'i Moramanga amin'ity faran'ny taona ity (27-28-29-29-30/12/2023), izay hanatanterahan'ny AJESAIA ny andiany faha-24 amin'ny fifaninanam-pirenena karakarainy isantaona. Araka ny fanamarihana nomen'Atoa Jasmina Ravelonarivo, Filoha Nasionaliny, dia mahatratra 38 ny isan'ny ekipa mandray anjara. Ny sokajy latsaky ny 11 taona dia misy ekipa 9, ny 15 taona misy 8, ny « Senior » lehilahy misy ekipa 12 ary 9 kosa ny vehivavy, hampiseho ny talentany amin'ny filalaovana kitra. Ankoatra ny vahiny nasaina dia klioba maro ao anatin'ny disitrika efatra mandrafitra faritra Alaotra Mangoro (Moramanga – Anosibe an'ala – Ambatondrazaka – Amparafaravola), no mandray anjara amin'ny fifaninanana. Anterina fa ny fifaninanana dia iarahan'ny AJESAIA misalahy amin'ny Ligin' Alaotra Mangoro, tantanin' Atoa Bernando Germain, Filohany vaovao no sady Solombavambahoakan'Ano sibe an'ala, izay vononkampandroso ny baolina kitra any amin'ny fari-piadidiany. Ankoatra an'Alaotra Mangoro dia ireto avy koa ny disitrika manana klioba mandray anjara : Manjakandriana – Tana Ville – Avaradrano – Ambohidratrimo – Atsimondrano – Arivonimamo – Tsiroanomandidy – Maevatanana – Mampikony - Toamasina. Ny talata 26 desambra 2023 no hanokafana amin'ny fomba ofisialy ny fifaninanana (7 ora 30 mn), izay hiainga ao amin'ny CEG Moramanga Ambony, mandalo amin'ny Tsangambaton'ny Mahery Fo 47, ary mifarana eny amin'ny kianja Manarapenitr'i Moramanga. Ny ekipa anankiroa miatrika ny lalao famaranana dia hotolorana amboara sy medaly volamena ary volafotsy. Tsy ho very anjara amin'ny loka ho azony koa ny mpilalao mendrika / mpampidi-baolina betsaka / mpiandry tsatoby mahay isaky ny sokajin-taona ilalaovany avy.

**aris rafaly**

FILAZANA STAR




STAR dia mampahafantatra, fa noho ny tsy fifanarahana ara-barotra izay tsy mbola nisy hatrizay, ireo zava-pisotro, Vita Malagasy vokariny, dia mety ihavitsy eny amin'ireo tranombarotra Super U.

Manome toky ny mpanjifany anefa ny STAR fa fivarotana 10 amin'ireo 25 000 mpandray ny vokatra STAR isan'andro manerana ny Nosy ihany no voakasik'izany.

Ny ekipa Star rehetra dia mirary fetin'ny faran'ny taona feno fifaliana ho anareo miaraka amin'ireo zava-pisotro efa nankafizinareo hatramin'izay

Ny Mpitantana

MAMPIDI-DOZA HO AN'NY FAHASALAMANA NY FISOTROANA ALIKAOLA BE LOATRA - MISOTROA AM-PAMENDREHANA

GCL 702/5-3

## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Lamba, kiraro, poketra, fanaka, kilalao, debara, lakozy. Tél : 034.61.958.82 / 032.52.755.16. (G-BA 708/20-3)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe homme ". 5 andro monja. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 703/20-13)

### VIDANGE

* Sce vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 686/18-18)

* Vidange wc : débouchage, nettoyage, puisard. Tél : 033.64.965.79 / 034.19.333.09. (G-BA 701/20-13)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 707/6-5)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 707/6-5)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 707/6-5)

Ankazobe - Raharaha fakana an-keriny

# Mpitandro filaminana 9, sivily 5 ary olom-boafidy 2 nosamborina

*Mbola misy olona 2 voatazona any ampelatanan'ireo jiolahy ireo amin'izao fotoana izao.*

Dahalo maromaro mpaka an-keriny no efa lavon'ny balan'ny zandary tao amin'ny distrikan'Ankazobe, tato anatin'ity volana desambra ity. Nifandrindra tamin'izany ny hetsika ara-miaramila natao ka nahafahana nahafantatra ireo olona mpiray tsikombakomba amin'ireo dahalo ireo. Mpitandro ny filaminana miisa 9, sivily miisa 5 ary olom-boafidy ny roa hafa. Ireo no nosamborina rehefa fantatra fa sady mampita vaovao any amin'ireo olon-dratsy no mamatsy azy fitaovam-piadiana. Bala mahery vaika miisa 64 ihany koa no sarona tany amin'ireo olona ireo. Mitohy ny fanadihadiana ny raharaha, hahalalana ny tena lehibe na atidoha mikotrika ity fakana an-keriny ao amin'ny Ankazobe ity, hoy ny kolonely Tahina Ravelomanana, lehiben'ny brigady sampana fikarohana heloka bevava etsy Fiadanana.Nanomboka ny 4 desambra no efa nisy ny hetsika natao hamongorana an'ity fakana an-keriny ity. Nampikaikaika ny mponina ilay asa ratsy ka nahatonga ny mpitandro ny filaminana tsy maintsy nanao ezaka hamongorana izany. Marihina fa mbola misy olona 2 voatazona any am-pelatanan'ireo jiolahy ireo amin'izao fotoana izao. Saingy ankoatra izay dia nisy 6 mianadahy ihany koa no efa votsotra izay tsy nandoa vola akory fa avotra soa amantsara, taorian'ny hetsika. Mitohy ny fikarohana ka andrasana ny tohiny.



Ireo bala tratra tany amin'ireo olon-dratsy.

### Hafatra hentitra

Tsiahivina fa ny herinandro teo no nidina ifotony nitafa tamin'ny manampahefana sy ny fokonolona tao amin'ny distrikan'Ankazobe ny Jeneraly Andry Rakotondrazaka Komandin'ny Zandarimariam-Pirenena. Anisan'ny notsidihina manokana ny kaominina ambanivohitra Mahavelona sy tao amin'ireo fokontany telo , izay isan'ny nitondra faisana tamin'izany resaka fakana an-keriny. Feno mpitandro ny filaminana (zandary sy miaramila) any an-toerana amin'izao fotoana izao. Nanamafy ny jeneraly Komandin'ny zandarimaria fa tsy maintsy ho voasambotra izay olondratsy ary hofongorina tanteraka io asa ratsy io. Velombolo ny vahoaka rehefa nahare ny hafatra hentitra nataon'ny Jeneraly Andry Rakotondrazaka, ary izao hita izao sahady ny vokatra.

Deyland

Bongatsara - Atsimondrano

# Lehilahy maty nipoahan'ny vy, potika ny tarehiny

Lehilahy iray 51 taona no maty nipoahan'ny vy afakomaly tolakandro teny amin'ny toerana antsoina hoe Manelo ao anatin'ny fokontany Ambolamena, kaominina Bongatsara. Tena voamafy izy satria potika ny tarehiny, naratra be ny tongony sy ny tanany havia. Niantefan'ilay fipoahana ihany koa teo amin'ny tratrany ary nivoaka tany amin'ny lamosiny izany. Araka ny fanazavana, mpanao ireny asa momba ny vy ireny ity rangahy ity. Nisy lehilahy nitondra vy tonga teo aminy tamin'io. Nilaza io olona io fa misy varahina ilay vy ka nasainy notapahin'ilay rangahy. Tsy nampoizina anefa ny zava-niseho satria teo am-panapahana ilay vy ity farany no nisy zavatra nipoaka be ka dia nipitihan'izany izy ary io nahazo ny tarehiny hatrany amin'ny tongony io ary nitarika ny fahafatesany tsy tra-drano izany.

*Nilaza io olona io fa misy varahina ilay vy ka nasainy notapahin'ilay rangahy.*

### Nitsoaka

Araka ny fanazavana hatrany, vao niseho ilay fipoahana tonga dia lasa nitsoaka avy hatrany ilay lehilahy nitondra ilay vy hotapahina. Nisy zanak'ilay rangahy niharam-boina io ihany koa niaraka taminy teo fa nandritra ny fotoana nandehanany tany amin'ny trano fivoahana no naheno zavatra nipoaka izy ka rehefa nojereny avy eo dia ny dadany efa nitsirara maty tamin'ny tany no novantaniny. Efa tonga nijery ifotony ny zava-nitranga ny tomponandraikitra teny an-toerana ka anisan'izany ny zandary. Taorian'ny fizahana dia efa natolotra ny fianakaviany ny razana. Fantatra fa mipetraka eny amin'ny manodidina eny ihany ity rangahy maty ity. Mandeha ny fanadihadiana.

T.H

67 ha

# Lehilahy tratra nitondra basy vita gasy

Lehilahy iray 23 taona no tratran'ny polisin'ny Fip nitondra basy vita gasy teny 67 ha ny alatsinainy lasa teo. Nandritra ny fisafoana nataon'ny polisy no nahatrarana azy. Nahazo loharanom-baovao mantsy ireo mpitandro filaminana ireo mikasika ny fisiana telo lahy mitondra basy mandehandeha eny amin'ny faritra 67 ha sy ny manodidina eny. Vantany vao naheno izany ny polisy dia nandeha teny an-toerana nanara-maso ny zava-nitranga ka hita teny tokoa ry zalahy. Saingy raha vao nahatsikaritra ireo mpitandro filaminana izy ireo dia tafaporitsaka ny roa lahy fa ity lehilahy ity no voasambotra. Nosavaina izy ka nandritra izany no nahitana basy vita gasy sy big boss teny aminy ary finday roa sy hety. Taorian'ny fisamborana dia nentina tany amin'ny biraon'ny polisy ity lehilahy ity. Notanana sy natao famotorana tany izy. Ka aorian'ny fakàna am-bavany dia hatolotra ny fampanoavana ny raharaha.



Ireo zavatra tratra tany amin'ilay voasambotra.

T.H

Andapa

# Mpamily môtô maty nifandona tamin'ny kamiao

Lozam-pifamoivoizana nahafatesana olona indray ity nitranga tao Ambodiampana- Lokoho amin'ny lalana mampitohy an'Andapa sy Sambava omaly maraina ity. Môtô iray nitondra ny delege avy ao Bealampona- Andapa no nifandona tamin'ny kamiao. Maty tsy trà-drano vokatr'izany ilay tovolahy namily ny môtô ary naratra mafy kosa ilay delege. Nentina haingana namonjy an'Andapa ity farany hamonjy fitsaboana noho ny ratra nahazo azy. Nalefa ao amin'ny hopitaly Ambodiampana kosa ny fatin'ilay tovolahy miandry ny havany haka azy. Raha ny fanazavàna hatrany dia mpitsabo mpanampy miasa any amin'ny Faritra SAVA ity tovolahy namoy ny ainy ity. Mbola tanora vao erotrerony tokoa izy satria vao efatra amby roapolo taona monja. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa amin'izao ny raharaha mahakasika ity loza ity ka mandeha ny fanadihadiana.

R.C

Antsirabe

# Rongony 50 kitapo saika hamidy hanaovana fety trà-tehaka

Sendra ny tsy nampoiziny ireto mpanao trafikan-drongony ireto fa ravan'ny mpitandro filaminana ny tetika rehetra. Nandritra ny fisavàna sy ny sakana nataon'ny zandary tamin'ny làlampirenena fahafito iny teo Mahandraza- Andranomanelatra, Antsirabe II no nahatrarana ireto rongony ireto. Fiara lehibe iray avy any Ankily-Ihosy ity voasakan'ny zandary ity. Rehefa nosavaina ny entana nentin'ilay fiara dia nahitàna eladrano (mica) tamin'ny gony an-jatony maro. Nahitàna rongony dimampolo kitapo ihany koa tao, izay nafangaro tamin'ireo entana ireo ary nasitrika tany anatiny kanjo izao trà-tehaka izao ihany. Milanja eo amin'ny 488 kilao eo ireto rongony tratra ireto, izay nogiazan'ny zandary avy hatrany. Notanana ihany koa ireo olona rehetra tao anatin'ilay fiara nitondra ireto zavamahadomelina ireto. Nampidirina ambalan-tsazy ihany koa ilay fiara.

### Haparitaka

Raha ny fanazavàna hatrany dia saika haparitaka aty Antananarivo ireo rongony ireo ary hamidy hanaovana fety. Raha ny zavatra hita tokoa mantsy dia tena mipariritaka eny anivon'ny fiarahamonina rehetra eny ny zavamahadomelina ary ireo tanora no tena lasibatra amin'izany hatramin'ireo mbola mpianatra sy tsy ampy taona. Loza mitatao tokoa izy ity noho izany ka izay mahatonga ny mpitandro filaminana hamongotra azy satria anisan'ny antony iray mampirongatra ny tsy fandriampahalemana ihany koa.

R.C



Ireo rongony tratra !

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## TENY MIAFINA N° 725

Mifamono tsiroaroa ny litera rehetra afa tsy ny an'ny teny miafina. Tsipiho ny litera mitovy mifanakaiky mitsangana na mitsivalana dia avy eo dia ny litera mitovy tsy misy manelanelana afa tsy litera efa voatsipika. *Vakiana tsotra ny valiny.*

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| L | A | R | E | J | F | E | T | R | D |
| R | M | K | O | H | J | L | J | K | M |
| E | O | H | Y | A | H | V | S | E | D |
| R | F | I | T | E | E | T | K | N | I |
| J | D | Z | Y | A | F | V | O | L | N |
| A | I | D | O | D | B | L | B | I | A |
| J | D | Z | V | H | S | I | O | L | N |
| D | F | V | D | B | I | Z | K | N | B |
| K | O | K | V | J | T | B | S | B | T |
| L | A | V | N | F | I | Z | T | F | Y |

04 litera

**Val in'ny teny miafina 724 : HAINGO**

### VALIN'NY Kakuro 724


| | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | 1 | \ | 9 | 6 | ■ | 7 | 1 | \ | 5 | 1 |
| 9 | 8 | 2 | 7 | 1 | \ | 9 | 8 | 7 | 6 | 2 |
| 6 | 2 | 1 | \ | 9 | 6 | 8 | 7 | 2 | 1 | ■ |
| ■ | \ | 7 | 4 | 2 | 1 | 3 | \ | 9 | 7 | 4 |
| 1 | 4 | 9 | 8 | 7 | 2 | \ | 9 | 8 | 3 | 1 |
| 5 | 6 | \ | 9 | 8 | 7 | 2 | 1 | \ | 4 | 2 |
| \ | 1 | 2 | 7 | \ | 9 | 7 | 8 | 6 | 2 | 3 |
| 1 | 2 | 8 | \ | 9 | 3 | 1 | \ | 9 | 8 | 7 |
| 7 | 8 | 9 | 3 | 1 | \ | 9 | 2 | 1 | ■ | ■ |
| 2 | 5 | \ | 9 | 6 | 8 | 3 | 1 | \ | 1 | 7 |
| \ | 9 | 5 | 8 | 2 | 1 | \ | 9 | 7 | 4 | 8 |
| 2 | 3 | 1 | ■ | 8 | 9 | 7 | 6 | 1 | 3 | 5 |
| 9 | 7 | 6 | ■ | 3 | 2 | 1 | ■ | 8 | 6 | 9 |

### VALIN'NY TENY MIRANDRANA Lah. 7750

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| L | A | L | A | O | V | I | K | O | ● |
| O | R | I | M | B | A | T | O | ● | N |
| V | I | ● | ● | ● | L | A | R | O | I |
| I | A | L | A | H | I | ● | O | ● | P |
| A | N | A | D | A | H | I | N | A | O |
| N | A | ● | I | V | A | ● | T | ● | S |
| I | R | ● | K | A | N | K | A | N | A |
| ● | E | R | A | N | I | ● | N | O | K |
| V | O | I | N | A | ● | K | O | S | A |
| ● | ● | M | I | O | V | A | ● | I | ● |

## HAFATRA MIAFINA

**Amin'ny alalan'ireo kisarisary eo ambany, asio soratra eo ambony, dia fantaro izay tiany holazaina.**





Valin'ny lalao omaly

**TRANDREMO FA MANDADY NY TRAMBO**

## TENY MIDINA

1. Tanteraka
2. Tango
3. Mokony madinika
4. Mitango
5. Hafangainam-pandeha





**Valin'ny TENY MIDINA omaly**

1. LA
2. ALA
3. ALAO
4. ALARO
5. RALOBA

**DISO FITO** Rehefa tazanina dia toa mitovy ireo sary ireo. Raha jerena tsara anefa dia misy diso ao anatiny. *Fito* izy ireo, mba tadiavo kely hoe ?




## LALAO : TELOMIOVA

Tsipiho ireto teny ireto (na mitsangana na mitsivalana na misom-pirana) dia farito izay litera manaraka ilay teny avy hatrany. Atambaro ireo litera ireo dia ho fantatrao ny tiany ho tenenina ; misy litera tavela koa ireo, *atambaro dia ho hitanao ny valiny*

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| T | I | T | E | N | D | A | K | O | O |
| I | A | N | I | O | N | E | H | E | E |
| A | T | B | A | A | T | I | O | M | M |
| R | M | R | M | R | R | R | A | P | M |
| D | A | A | A | A | D | N | A | A | A |
| N | M | K | H | N | G | N | I | N | T |
| I | A | I | O | I | O | N | O | E | O |
| R | R | F | D | T | T | K | A | T | K |
| A | A | I | R | I | R | S | O | I | I |
| T | A | A | N | N | I | A | I | A | A |

MAINTI, MANGIDI, RAKOTRA, INDRAI, KETRAKA, MPANETI, ANAMAMI, TENDAKO, TRANOKO, MAHITSI, MATOKIA, ANGAMBA, HIRAHIRA, MPANOTRA, TAFONDRO, ITONDRANI, HENOINAI

**- Valin'ny lalao omaly : - ASOSA - MITIA**

## NY TONONANDRONAO ALAKAMISY 21 DESAMBRA 2023

**Asorotany 18 aprily - 14 may**
Tsy tianao akory izy fa ny vola amankarena any aminao no antony hifikirany anao

**Alahasaty 15 may - 12 jona**
ASA: Aza mandray zava-pisotro rehefa ao am-pasana sao hanimba asa
FITIAVANA: Raha tena tinao izy dia hajao ny safidiny

**Asombola 13 jona - 11 jolay**
ASA: Rehefa natomboka ihany ny asa dia vitao hatramin'ny farany fa aza kamo
FITIAVANA: Aza mitady any an-kafa intsony ianao fa ataovy ampy anao ny fitiavany

**Admizana 12 jolay - 10 aogositra**
ASA: Mila mailo ianao fa misy olona mitady hanambaka anao ao amin'ny toeram-piasanao
FITIAVANA: Mila mamadika takila vaovao ianao fa tsy mety intsony ny fiarahanareo

**Alakarabo 11 aogositra - 08 septambra**
ASA: Mahereza mitady asa dia ho hitanao fa ahita tokoa ianao
FITIAVANA: Aza atao mitovy ny fitiavanao rendrarendra sy ny fitiavanao ny olon-tianao

**Alakaosy 09 septambra - 08 oktobra**
ASA: Mety hisy olana kely ianao anio saingy hiravona ihany izany
FITIAVANA: Rariny ihany izy raha saro-piaro satria tiany ho azy irery ianao

**Adijady 09 oktobra - 07 novambra**
ASA: Raiso an-tsoratra daholo izay zavatra ataonao anio sao ka misy adino
FITIAVANA: Mety tsara raha anio ianareo no manao dingana

**Adalo 08 novambra - 06 desambra**
ASA: Hilamina tsy hisy ahiahy ny asa ho ataonao amin'ity anio ity
FITIAVANA: Aza kizitina ianao,sao ka ho tezitra eo koa ilay olon-tianao


**Alohotsy 07 desambra - 15 janoary**
ASA: Aza tantaraina amin'ny mpiaramiasa daholo izay zavatra ataonao
FITIAVANA: Mhaiza foana mankasitraka izay misy eo aminao

**Alahamady 16 janoary - 14 febroary**
ASA: Mila miasa mafy ianao anio fa somary maromaro ireo asa miandry anao
FITIAVANA: Mba fidio ihany izay vava avoakanao anio fa somary be kizitina ny olon-tianao

**Adaoro 15 febroary - 15 martsa**
ASA: Efa manomboka voafehinao ilay asa napandreketina anao anio
FITIAVANA: Aza mifailafila ianareo fa mifankatiava hatrany

**Adizaoza 16 martsa - 14 aprily**
ASA: Manan-talenta ianao ka ampiaro izany talenta ananao izany
FITIAVANA: Raha misy ny olana dia tadiavo ny vahaolana

## TONDRO-TENY




### Valin'ny tondro-teny omaly

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| N | A | M | A | N | A |
| A | N | A | N | A | ● |
| N | A | K | A | ● | A |
| A | T | I | ● | A | N |
| M | I | N | O | N | O |
| P | ● | A | T | N | |
| I | O | ● | A | S | A |

## TENY MIRANDRANA Lah. 7751

Ahidiro amin'izay tandrify azy ireto teny ireto dia ho mora aminao ny mamaky izany mitsangana sy mitsivalana :

ASIO, ORANA, IZAO, VATO, MIOTI, RITINA, ANJARA, ISANAI, VERINAI, ATODINI, MPITORI, ANATIKO, ONENA-NAO, FIOTINAO, NIDINANI, TENINAREO, AFANGAROI, IVADIHANAO

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| ■ | | | | | | | | | |
| | | | | | ■ | | ■ | ■ | |
| | ■ | ■ | | | ■ | | | ■ | |
| | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | ■ |
| | | | | | ■ | | | ■ | |
| | | | | | | ■ | | ■ | |
| | | | ■ | | | | | | |
| ■ | | | ■ | ■ | ■ | | | | |
| | | | | | | | | ■ | ■ |

## KAKURO 725

| | 18 | 28 | 11 | | 36 | 6 | 36 | | 6 | 18 | 32 |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 22 | | | | 8\12 | | | | 10 | | | |
| 32 | | | | | | | | 5\19 | | | |
| 15 | | | 10\9 | | | 45\16 | | | | | |
| | 22\34 | | | | | | | | 42\11 | | |
| 24 | | 7 | | 11\22 | | | | 14\7 | | | |
| 13 | | | 40\29 | | | | | | | 10 | 13 |
| 23 | | | | | 12\22 | | | | | | |
| | 4 | 33\25 | | | | | 31\27 | | | | |
| 17 | | | | 30\22 | | | | | | 13 | 28 |
| 33 | | | | | | | | 9\8 | | | |
| | 7\20 | | | | 13\38 | | | | | | |
| 37 | | | | | | | | | 11 | | |
| 16 | | | | | | 8 | | | 9 | | |

Fenoy tarehi-marika 1 hatramin'ny 9 ny faritra fotsy. Kajio hanome ny tambatra (ankavia ho an'ny mitsivalana, ambony ho an'ny mitsangana) ny fitambarany. Tsy maintsy samihafa ny tarehi-marika ho an'ny tambatra iray. Efa misy toro-dalàna napetraka ahafahana manomboka ny lalao.

## MAHASOA

Ravina zavoka miisa fito ampangotrahina amin'ny rano 1 L mandritry ny 30 min ary angalana iray vera sotroina alohan'ny hatory mandritry ny 1 volana raha sempotra na voan'ny asthme  fa hisinda izany.

## AMPITENENO NY BANGA

**Fenoy ny banga dia hisy teny hivoaka amin'izany**

| | | |
|---|---|---|
| MI | ... | IA |
| NAH | ... | RO |
| SA | .. | AKA |

Valin'ny lalao omaly : VOAMAINA + TAREHY + LEFONAY = MAREFO

## RESAK' HEHY

nifamaly teny andalana ireto mpivady ireto tamin'izay fotoana izay ka nitangoronan'ny olona. Mbola nivazavaza ihany nefa ilay rangahy.
- Raha mbola miteny eo ise dia hisarahako ary ho mandrakizay izany.
- Niantsoantso ary ilay ramatoa rehefa izany.
- taxi, taxiiiii.

## Sarisary zary tenany

Donto




## Hatsikana an-tsary

Kiakiaka mafy




## Masoandro miposaka

**Romana 15 : 7**

Koa mifandraisa ianareo tahaka ny nandraisan' i Kristy anareo koa ho voninahitr' Andriamanitra.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Mahita loza, ry ikaky sy ineny, hoy ny akofa, fa ny hiako ihany no anarian'ny olona ahy !**

Je suis dans la détresse, ô mon père et ma mère, dit la balle (du grain), car ce n'est qu'à cause de ma maigreur qu'on me rejette (au lieu d'avoir pitié de moi) !

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3130**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 4 | | | | 2 | | |
| | 2 | 1 | 7 | | 8 | 3 | 9 | |
| | | | | 1 | | | | |
| | | 3 | 5 | | 6 | 8 | | |
| 7 | | | | | | | | 5 |
| | | 8 | 9 | | 2 | 1 | | |
| | | | | 6 | | | | |
| | 8 | 7 | 1 | | 5 | 6 | 3 | |
| | | 5 | | | | 7 | | |

Valin'ny laharana **3129**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 5 | 3 | 9 | 7 | 6 | 4 | 2 | 8 |
| 8 | 9 | 7 | 4 | 1 | 2 | 5 | 3 | 6 |
| 4 | 2 | 6 | 3 | 8 | 5 | 9 | 7 | 1 |
| 2 | 3 | 9 | 7 | 5 | 1 | 8 | 6 | 4 |
| 5 | 7 | 8 | 6 | 9 | 4 | 2 | 1 | 3 |
| 6 | 4 | 1 | 8 | 2 | 3 | 7 | 5 | 9 |
| 3 | 6 | 5 | 2 | 4 | 8 | 1 | 9 | 7 |
| 9 | 1 | 4 | 5 | 6 | 7 | 3 | 8 | 2 |
| 7 | 8 | 2 | 1 | 3 | 9 | 6 | 4 | 5 |

Raharam-pirenena

# Saro-piterahana ny governemanta vaovao !

*Tombatombana avokoa no mandeha ankehitriny ny amin'ny hoe firy isan-jaton'ireo minisitra ireo no mety ho tafaverina amin'ny toerany ary firy no isaorana tanteraka.*

Taorian'ny fahavitan'ny fianianana nataon'ny filohan'ny Repoblika ny sabotsy teo, dia nandrasan'ny maro fatratra ny fametraham-pialan'ny governemanta tarihan'ny Praiminisitra Ntsay Christian. Tsy tanteraka anefa izany noho ny antony tsy fantatra satria mbola afaka nanohy ny asany maha mpikamban'ny governemanta azy ireo minisitra isan-tsokajiny tao anatin' ny andro vitsivitsy. Omaly dia re fa efa nametram-pialana ireto mpikamban'ny governemanta ireto. Raha ny voalazan' ny lalàmpanorenena, dia misy ny didim-panjakana manamarina ny fametraham-pialan'ny governemanta izay atolotra ny Filohan'ny Repoblika. Hatreto, dia mbola misitery tanteraka ny momba ny governemanta vaovao ary azo lazaina fa saro-piterahana ihany satria tsy misy mahalala izay tena firafiny. Tombatombana avokoa no mandeha ankehitriny ny amin'ny hoe firy isan-jaton' ireo minisitra ireo no mety ho tafaverina amin'ny toerany ary firy no isaorana tanteraka. Araka ny efa nambarany tamin'ireny fianianana izay nataony ireny, dia vonona ny Filohan'ny Repoblika hisokatra amin'ireo rehetra vonona hanasoa ny firenena. Efa mihazakazaka izay tsy izy moa ireo mpanao politika na ny nanohana na ny tsy nanohana azy tamin'ny fifidianana lasa teo manao fisehosehoana isan-karazany. Tarafina manaraka io kabary nataony io ny ho firafitry ny governemanta ny amin'ny mety hisian' ny fisokafana na tsia.

JUDD

Hery Rajaonarimampianina

# Nihaona tamin'ny Filohan'ny CENI ao RDC

Natao omaly ny fifidianana Filoham-pirenena any amin' ny Repoblika Demokratikan'i Congo na RDC. Amin'ny maha iraka manokan'ny Vondrona Afrikana azy dia any an-toerana ny Filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina hanara-maso sy hanao tombana mahakasika ny zotram-pifidianana. Nisy moa ny fihaonany tamin'ny Filohan'ny CENI ao RDC Denis Kadima Kazadi, ny faha-18 Desambra lasa teo. Nambarany tamin'izany fa




**Atoa Hery Rajaonarimampianina manara-maso ny fifidianana hatao any RDC.**

amin'ny maha iraka manokana ho mpanara-maso ny fifidianana azy ireo, dia manatanteraka ny andraikitra hiantsorahan'izy ireo anaty fahadiovana, fahaleovantena ary fangaraharahana tanteraka izy ireo. Marihina fa misy malagasy roa hafa miaraka delegasiona amin'Atoa Hery Rajaonariammpainina amin' ny fanaraha-maso ity fifidianana filoham-pirenena atao any RDC ity. Tsiahivina fa misy 19 ireo kandidà mifaninana amin'izany.

JUDD

Hetsika fotsy

# Mivoaka tsikelikely ny zava-miafin'ny fiarahan'ny mpanao pôlitika mpitarika

Volana vitsivitsy aty aorian' ny hetsika fotsy notarihin'ny kandidà ho filoham-pirenena 11, sesilany ny fanehoankevitra mahakasika ny antony tsy nampahomby ny tolona. Tao ny nilaza fa tsy nahagaga raha ireny no vokany satria fampiasankery nanakanana ny fanehoan-kevitra sy ny fitakiana no nataon'ny andaniny, nefa hetsika am-pilaminana no setriny. Ny hafa nanamarika fa na inona na inona paikady nataon'ny kandidà ary na nandray anjara tamin'ny fifidianana na nisafidy ny tsy ho mpifaninana, araka ny fanapahan-kevitra efa noraisin' izy ireo niaraka dia tsy fahombiazana hatrany no



**Ny kandidà ho filoham-pirenena 11. ( sary tahiry )**

vokany. Antony, ny mpanomana ny fifidianana sy ny fitsarana hamoaka ny vokatra mihitsy no efa niharihary dieny tany am-piandohana ny fironany sy ny tanjony. Ankoatra ireo dia tsikaritra ho mivoaka tsikelikely, tato ho ato ny zava-miafin'ny fiarahan'ireo mpanao pôlitika niara-nitarika iny hetsika iny.

**Haka lesona!**

Mandeha mantsy ny resaka fa nisy tamin'izy ireo no namadika ny tolona, izany hoe nisabaka. Ary izany no anisan'ny antony tsy nampahomby ny hetsika. Misy mihitsy aza ny anarana efa navoakan'ny mpanao pôlitika ho nisabaka, nandritra ireny hetsi-bahoaka namaivay ireny. Voalaza ihany koa fa nisy vola naparitaka, tambin'izany. Marina ve sa tsia ? Heverina fa mbola aloha loatra ny ahafantarana ny valin'io fanontaniana io. Heverina fa haka lesona amin'ny zava-nitranga ny mpanao pôlitika ka hahay hanavaka ny vary sy ny tsipa-rifary, amin'ny fotoana ilàna izany.

V.R.

## Marina izany !

### Nisaraka mangingina !

**Tsy toy ny mateti-pitranga isaky ny fiafaran'ny fotoam-pivoriana, indrindra amin'ny vanimpotoana ankatoky ny fety toy izao ny zava-nisy, teny amin'ny Antenimierampirenena. Raha mitsitokotoko miresaka sy mifampizara vaovao ireo mitovy hevitra, eny hatramin'ny fiarahana mifandom-bera no nahazatra ny maso dia tsy izay loatra no nitranga. Nisaraka mangingina mantsy ny solombavambahoaka ary maika nivoaka ny taorian' ny lanonana ôfisialy. Asa noho ny fahamaizana hanao fety amin'ny distrika nahavoafidy azy ireo avy ve sa antony hafa ? Tsilian-tsofina mantsy no nandrenesana fa tsy vitsy amin'ireo olom-boafidy ireo no miahiahy sao hitombona ny feo mandeha fa mety ho ravàna ny Antenimieram-pirenena. Antony, raha ny tsilian-tsofina hatrany dia taorian'ireny fanapahan-kevitra noraisin'ny filohan'io Andrimpanjakana io, nijoro niaraka tamin'ny filoham-piangonana nanelanelana ny krizy, mialoha sy nandritra ny fifidianana ireny. Ankoatra izay, tsy takon'afenina ihany koa ny tsy fitovizankevitra sy ny ady mangatsiaka ary ny fifampiandrasana amin'ny kendry tohina, araka ny fomba fiteny teo amin'ny Tsimbazaza sy ny mpanatanteraka, raha tsy hampahatsiahy afa-tsy ilay fitsipaham-pitokisana tsy tody hatramin'ny farany, volana vitsivitsy lasa izay. Toy izany koa ny fihetsiky ny solombavambahoaka sasantsasany nisiotsioka sy nihorakoraka, nandritra ny fahatongavan'ny governemanta, teny Tsimbazaza, nandritra ny tatitra nataon'ny mpanatanteraka tamin'ny mpanao lalàna, araka ny voalazan'ny lalàmpanorenana. Misy amin'ny mpandinika pôlitika kosa anefa milaza fa miainga amin'ny zava-misy ankehitriny dia sady tsy vahaolana no mbola sarotra ny handrava ny eny Tsimbazaza !**

Voahangy Rakotozafy

Herimanjaka Tsilavomanantsoa

# Isan'ireo kandida depiote eto Antananarivo

Mitodika sahady any amin'ny fifidianana depiote ny mpanao politika sy ireo mpitariaka fikambanana eny fa na ny olontsotra aza. Omaly dia nanao fanambarana tamin'ny mpanao gazety Atoa Herimanjaka Tsilavomanantsoa fa ho isan'ireo kandidà depiote hifanIna eto Antananarivo. Olompirenena tsotra izy kanefa mahatsiaro manana andraikitra. Araka ny heviny, mila miroso amin'ny repoblika fahadimy isika raha te hitondra fanovana. « *Mila mijery ny zavatra lavitr'ezaka ny fitondrana mba tena hisian'ny fampandrosoana tena izy* », hoy izy tetsy Faravohitra omaly. Manoloana ny fananganana ny governemanta kosa dia notsipihany fa tsy tena nahafapo ny teo hatramin'izay. Tsy voatery ho mpanao politika foana no tokony apetraka ho minisitra fa tokony mijery teknisiana sy ny olona havanana amin'ilay minisitera ilana olona mba hahitana fahombiazana.

JUDD

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 446 - 12 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

**Vatomamy ronono**

***Zavatra ilaina :*** ronono mandry tapa-kapoaka, vovon-dronono 2kapoaka, siramamy 1/4 kapoaka, menaka, fonona vatomamy.

***Fikarakarana azy :*** Afangaro anaty lovia jobo ny fangaro rehetra dia volavolaina hifangaro sy hitambatra tsara. Atao ambony latabatra dia somary kosehina ary alamina atao mitovy tantana tsara. Tsy atao manify fa toy ireny hatevin'ny vatomamy eny antsena ireny. Hosorana mena ny lohana antsy dia tetehina efajoro madinika. Ampandalovina amin' ilay siramamy ary fonosina tsiraray. Efa misy fonona vatomamy vonona amidy eny Analakely. Apetraka kely dia vonona avy hatrany.

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

***"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."***

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Vondrona WM - Ankorondrano Atsinanana

# Nizara fanomezana Noely ho an'ireo ankizy sahirana

*Efa hatramin'ny nisian' ny Midi Madagasikara no nanao hetsika sy nanolotra fanomezana ho an'ireo ankizy kamboty.*



**Samy faly ny Ray aman-dReny sy ny zaza tamin'ity hetsiky nataon'ny Vondrona WM ity. (Sary :HAR)**

Ankatoky ny fetin'ny Krisimasy isika izao ka toy ny fanaony isan-taona dia nanome akanjo sy bisky ho an'ireo ankizy 64 tao amin'ny biraon'ny fokontany Ankorondrano Atsinanana ny Vondrona WM omaly. *"Faly izahay fa isan-taona dia mahazo fanomezana avy amin'ny sosialin'ny Midi Madagasikara. Ity zanako ity izao manana fahasembanana izy ka tsy maintsy miotra mba hahasalama azy. Anaovako antso amin'ny tsara sitrapo rehetra ny fanampiana azy satria dimy taona ity zanako vava ity izao, kanefa tsy mbola mandeha sady tsy miteny ka tsy arakay ny fitsaboana azy noho ny fandaniana tsy maintsy atao"*, hoy ilay Renim-pianakaviana iray izay mpitondra ny zanany misitraka kilalao isan-taona avy amin'ny Vondrona WM. *"Efa hatramin'ny nisian'ny Midi Madagasikara no nanao hetsika sy nanolotra fanomezana ho an'ireo ankizy kamboty Ray sy Reny sy zanaka mpanasa lamba ary mpivarotra gazety ny Rotary WM. Tsy isaky ny fety ihany no manampy an'ireto fianakaviana ireto izahay fa manome sakafo an-dry zareo koa izahay manomboka ny alatsinainy hatramin'ny zomà. Sakafo ara-pahasalamana sy tsara kalitao ary misy ihany koa lasopy sy legioma homena an'ireto fianakaviana ireto. Amin'ny andavanandro no hanomezanay sakafo azy ireo hatrany ary koa rehefa akaiky fety toy ny Krisimasy sy Fetim-pirenena . Amin'ity farany dia manome bodofotsy sy arendrina ary sakafo ohatran'izao"*, hoy Rtoa Rasoarivelonirina Marie Perle, mambra ny sosialin'ny Vondrona WM nisolo tena ny tomponandraikitra ny Vondrona Midi Madagasikara taminay. Araka ny fanadihadiana nataonay dia 8 volana no kely indrindra tamin'ireo zazakely nisitraka fanomezana ary 11 taona no lehibe indrindra. Ny Gazetiko dia Mirary Krisimasy sambatra, ho an'ny Malagasy rehetra.

**HAR**

Fiatrehana ny fety

# Arahi-maso akaiky ireo mpivarotra sakafo



**Mitety tsena ireo mpanaramaso sy kaomiseran'ny varotra sy ny fifaninanana.**

Andro sisa no isaina dia higadona ny fetin'ny Krismasy sy ny fetin'ny faran'ny taona. Ho fisorohana ny loza mateti-pitranga toy ny famarotana sakafo efa simba sy lany andro eny amin'ny tsena, dia nanapa-kevitra hanara-maso akaiky ireo mpivarotra vatomamy sy sôkôla ary ireo sakafo efa vita anaty fonosana ny Minisiteran'ny fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra ary ny fanjifana. Efa tao anatin'ny herinandro vitsy lasa no tsy nitsahatra nidina nanao fitsirihana teny amin'ireo tsena lehibe eto Antananarivo Renivohitra ireo mpanaramaso sy kaomiseran'ny varotra sy ny fifaninana. Anisan'ireo efa nanaovana fitsirihana ny teny Analakely, Andravoahangy, Anosibe, Tsaralalana, Isotry, ary Soamanatombo. Mbola hitohy any an-toeran-kafa ity fanaovana be midina ity, ary efa misy koa ireo mpanaramaso nalefa any amin'ireo faritra rehetra manerana ny Nosy. Tsy mbola nisy ny entana lany daty tratra, saingy nohararaotina nanaovana fanentanana ireo mpivarotra mba hanamarina ireo entana amidiny araka ny fenitra sy ny kalitao tokony omena ny mpanjifa. Nentanina ihany koa ireo olom-pirenena sy mpanjifa mba hanao fitorohana eo anivon'ny minisitera raha mahita tranga tsy fanarahan-dalàna amin'ireo entana amidin'ireo mpivarotra.

**R. Muray**

Fampirantiana jiro maro loko eny Antaninarenina

# Tapaka manomboka amin'ny 5 ora hariva ny fifamoivoizan'ny fiara

Nanomboka omaly ny fampirantiana jiro maro loko karakarain'ny Fiadidiana ny Repoblika eny Antaninarenina, ary tsy hifarana raha tsy amin'ny 1 janoary 2024. Araka ny fampitam-baovao avy amin'ny Fiadidiana ny tanànan'Antananarivo Renivohitra, dia misy fahatapahana ireo lalana manodidina ny toerana misy ny fampirantiana eny an-toerana isaky ny hariva manomboka amin'ny 5 ora mandritra io fe-potoana io. Tsy azo hifamoivoizan'ny fiara rehetra araka izany ny "Arabe Frantsa" manomboka eo amin'ny CSI (Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité), ny lalana manelanelana ny Minisiteran'ny toekarena sy ny fitantanam-bola sy ny hotely " Le Louvre", ary ny lalana "Ratsimilaho" manandrify ny Paositra Malagasy sy ny "Buffet du jardin". Misokatra ho an'ny fivoahan'ny fiara hihazo an'Antaninarenina kosa ny lalana "ANDR. RAM" eo amin'ny toeram-piantsonana "Roxy-BMOI" mankany amin'ny farmasia "Métropole" na koa ny hotely Colbert. Manintona olona marobe hatrany isaky ny fetin'ny faran'ny taona toy izao ny fijerena ireo jiro maro loko mandravaka ny tanànan'Antananarivo, indrindra fa ny eny Antaninarenina. Hiverina amin'ny teo aloha ny fifamoivoizana rehefa tapitra ny fety.

**R. Muray**

Antananarivo Renivohitra

# Manampy amin'ny fanesorana fako ny faritra Analamanga

Efa roa herinandro izay, nisafidy ny hampiasa ireo fiara be ao aminy ny faritra Analamanga hanampiana ny kaominina Antananarivo amin'ny fanesorana fako. Iarahan'ny rehetra mahita tokoa mantsy fa mitobaka izay tsy izy ny fako izay nitarika valanaretina maro karazany. Betsaka kokoa tsy toy ny mahazatra ny fako rehefa faran'ny taona sy krismasy toy izao. Maro ireo voankazo toy ny letchis sy manga, paiso ary ireo fako avy amin'ny hoditra legioma no miparitaka. Misy ihany koa anefa ireo olona manary fako sy entana tsy miasa ao antrano intsony izay tsy tokony hatao eny amin'ny dabampakon'ny kaominina mihitsy anefa raha ny lalana. Etsy ankilan'izay, mbola betsaka ireo olona tsy manaja ny fotoana fanariana fako izay tokony hatao amin'ny alina mihitsy fa tsy amin'ny atoandro. *" Mandra-pialan'ny fako mivangongo rehetra, miasa eny foana ny faritra Analamanga manampy ny kaominina Antananarivo. Natao izay hisorohana amin' ny aretina sy ny fahatsetsenan'ny lakan-drano maloto indrindra amin'izao fahavaratra izao"*, hoy i Mbola Ramesy Ratsiharivala, governora mpisolo toerana eto Analamanga.

**Nath**

Mbola Ramesy Ratsiharovala

# Nahavita efitrano fianarana 15 tao anatin'ny taona ny faritra



**Ireo mpiara-miasa amin'i Mbola Ramesy Ratsiharovala, governoran'ny faritra Analamanga mpisolo toerana.**

Saika tratra avokoa ny tanjona napetraky ny faritra Analamanga tany am-boalohany raha ny resaka fotodrafitrasa no asian-teny. "Efitrano fianarana 15 no vita tanteraka tamin'iny 2023 iny. Ankoatran'izay, nisy lalana pavé 5km natao ka tao anatin'izany ny teto amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra, Ambohimalaza, Manjakandriana sy ny maro hafa. Anisan'ny goavana ihany koa ny " terrassement" 147 km ka anisan'ny goavana indrindra tamin'ireo ny fahavitan'ny lalana Andramasina, Alatsinainy Bakaro izay tena nilain'ny olona any amin'iny toerana iny. Eo ihany koa ny lalana goudron 4000m2." Hoy i Mbola Ramesy Ratsiharovala. Manome lanja ny fanampiana ny tantsaha ihany koa ny faritra satria iarahan'ny rehetra mahita fa ny fambolena sy fiompiana no fototry ny fampandrosoana. Nisy ary mbola hitohy ny fizarana masom-boly sy zezika amin'io taona 2024 io noho izany. Efa ao anatin'ny vanimpotoanan'ny fambolen-kazo isika ary tsy ho diso anjara amin'ny fanatanterahina izany ny eto Analamanga ary miaramiasa amin'ny DREDD izy ireo amin'izany. Santionany asa vita tamin'ny nitondran'i Hery Rasoamaromaka ireo ary mbola betsaka ny asa miandry ho fanatsarana ny faritra. Fantatra izany nandritra ny fety nokarakarain'ny faritra teny Analamanga Park omaly.

**Nath**

Kaominina Alasora

# Nanomboka ny Noely mizara fifaliana, tamin'ireo mpianatry ny Epp rehetra

Efatra andro sisa dia ho tonga ny Noely 2023. *"Natomboka teo amin'ny kianja maitson' Alasora ny Noely mizara fifaliana amin'ity taona ity. Nomena elo mba hialofany rehefa avy ny orana ireo zazavavy ary baolina no natolotra an'ireo zazalahy mba ho efa fanomezana aby amin'ny dadabe Noely ho azy ireo sahady amin'ny Krisimasy"*, hoy Atoa Randriantsoa Jimmy, Ben'ny tanànan' Alasora tamin'ny mpanao gazety omaly. Vory lanona ireo mpianatra efa aman' arivony maro avy amin'ireo Epp 12 eny an-toerana, niaraka tamin'ireo mpampianatra azy ireo nanatrika an'ity hetsiky ny Kaominina ity. "Toy ny efa fanaoanay isan-taona dia samy mahazo ny anjara hanaovany fety hatrany ny sokajin-taona rehetra ato amin'ny kaominina ka tsy ho ela koa dia ho tolorana ny solom-bodiakoho ihany koa ireo efa Zokiolona", hoy hatrany Atoa Randriantsoa Jimmy, Ben'ny tanànan' Alasora. Amin'ny zomà tolakandro ho avy izao moa no hanao ny Noely mizara fifaliana miaraka amin'ny mpiaramiasa aminy rehetra eo anivon' ny Kaominina ihany koa Atoa Ben'ny tanàna mivady, entina miara-mifaly sahady amin'izao ankatoky ny fetin'ny Krisimasy sy ny faran'ny taona 2023 izao.

**Heriniaina A.**